Fanambarana mialoha

Tao anaty vanim-potoana saro-pady, no nandatsa-bato am-pilaminana ireo Malagasy ho fanamafisana ny demokrasia.

Antananarivo, 9 novambra 2018

Ity fanambara mialoha ataon'ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana ity dia havoaka ampahibemaso ho an'ny rehetra mialoha ny faran'ny zotram-pifidianana. Mbola misy ireo dingana saro-pady miandry dia ny fanambarana ny voka-pifidianana sy ny fifanolanana mahakasika ny fifidianana. Ny hany azon'ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia ny maneho ny heviny mahakasika ireo dingan'ny zotram-pifidianana niseho hatramin'ny fotoana hamoahany ity fanambarana mialoha ity. Aoriana kely, dia hanao tatitra farany ny iraka izay hirakitra ireo famakafakana feno ny zotram-pifidianana sy ireo tolo-kevitra fanatsarana izany. Ny iraka dia afaka ary manana zo hamoaka tatitra fanampiny mahakasika lafiny manokana momba ny zotram-pifidianana raha toa ka ilaina izany .

FINTINA

- Ny fampielezan-kevitra dia voamariky ny tsy fisian'ny famerana ny famatsiam-bola ho amin'izany tao anatin'ireo fehezan-dalàna vaovao mifehy ny fifidianana izay nitarika ny tsy fitovian'ny enti-manana teo amin'ny samy mpilatsaka ho fidiana. Na teo aza izany dia nizotra am-pilaminana hatrany ny vaninandro fandatsaham-bato sy izany fampielezan-kevitra izany. Ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia nampiseho ny fanoloran-tenany sy ny maha matihanina azy. Ny famantarana ireo mpifidy tao anaty lisi-pifidianana nohavaozina nandritra ny fizarana ireo kara-pifidianana dia niteraka tsy fahatomombanana izay hita taratra hatramin'ny andro fandatsaham-bato .
- Ny fifidianana notanterahana ny 07 novambra 2018 teo no fifidianana filoham-pirenena voalohany tao aorian'ny faran'ny tetezamita ny desambra 2013 ka tokony ahafahana manamafy ireo fandrosoana demokratika. Tamin'ny Aprily 2018 dia nisy krizy mialoha ny fifidianana izay nahatonga ny vondrona iraisam-pirenena nanao fanelanelanana sy nandraisan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana fanapahan-kevitra ho amin'ny fananganana ny governemantan'ny firaisam-pirenena sy ny famaranana ny tetiandro.
- Ny 29 jona no nivoaka ny didim-panjakana mamaritra ny datin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodianana voalohany ho ny 07 novambra. Raha misy ny fihodinana faharoa dia voafaritra atao ny 19 desambra izany. Mpilatsaka hofidiana 13 tamin'ireo 36 ihany no nanao sonia ny Dina mamaritra ireo fomba mendrika sy mahitsy, hifampifehezan'ireo kandida amin'ny fifidianana filoham-pirenena mba hisian'ny fitoniana. Niezaka nampatoky ireo mpisehatra rehetra ireo tompon'andraikitra mikasika ny fizotry ny fanomanana ary nangataka ny hanajana ny daty voatondro ho vaninandro fandatsaham-bato. Tamin'ireo dingana samihafa ny zotram-pifidianana dia nisy maro tamin'ireo kandida no nanohitra ny fifidianana. Fantatra amin'ny anarana hoe "Vondron'ireo kandida mpanohitra", io vondrona io, izay nitarika tsy fahatoniana teo amin'ny fifidianana noho ny fangatahany hanokafana indray ny lisi-pifidianana sy ny famafazany ahiahy amin'ny hanatanterahana ny fifidianana araka ny fe-potoana voatondro. Nandritra izay ihany koa no nampivoitra ireo andiana fanontaniana sy ahiahy mahakasika ny zotram-pifidianana misy fa indrindra ny fahandriam-pahalemana

- Ny fampielezan-kevitra dia niavaka noho ny tsy fisian'ny famerana ny fandaniana izay mampibaribary ny tsy fitovian'ny enti-manana teo amin'ireo filoha telo teo aloha sy ireo kandida hafa. Io vanim-potoana io, izay tony tany anivon'ny faritany fa naresaka kokoa teto an-drenivohitra, dia niavaka ihany koa noho ny tsy fisian'ny fanasaziana avy amin'ireo tompon'andraikitra mahefa manara-maso ny fihoaram-pefy. Eny na dia eo aza ny fiampangana ampahibemaso sy ny fanahiana voamarin'ny "Vondron'ireo kandida mpanohitra" sy ny Transparency International. Ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia nampatsiahy fa isan'ireo tolo-kevitra nataony tamin'ny 2013 ny momba ny famerana ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra saingy tsy narahina izany.
- Ny fandaniana ireo lalàna vaovao mifehy ny fifidianana filoham-pirenena dia mamela ny fanatanterahana fifidianana manaraka ireo fenitra sy ireo adidy aman'andraikitra iraisam-pirenena neken'i Madagasikara. Ireo fehezan-dalàna ireo anefa dia mbola marefo ary mila hamafisina mba ahafahana manazava misimisy kokoa ireo fepetra sasantsasany tsy mazava sy mameno ireo banga tsy voafaritry ny lalàna. Anisan'izany ny famerana ny fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra, ny fanoritana na firaiketana an-tsoratra ny famatsiam-bolan'ireo antoko politika na ny fe-potoana fametrahana ny fangataham-pitsarana ho an'ny fifanolanana amin'ny fifidianana izay heverina fa fohy loatra.
- Voamariky ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana fa ho fampanarahana ny fenitra ara-drafitra dia naverina ireo andrim-panjakana manan-danja tsy azo iodivirana, toy ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana ary nafindra tamin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fitsarana momba ny fifidianana, araka ny tolo-kevitra nataony tamin'ny taona 2013.
- Rehefa nandimby ny vaomieran'ny teteza-mita tamin'ny faran'ny taona 2015, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia nikarakara ny fifidianana nasionaly voalohany. Na teo aza ny fahataran'ny famoaham-bola ilaina tamin'ny famaranana ny fandaminana, izay herinandro talohan'ny fifidianana vao natanterahan'ny governemanta, ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana dia nanamporofo ny fanolora-tenany amin'ny lafiny fahaleovan-tena, tsy fitanilana, maha matihanina ary fangaraharana. Tetsy andanin'izany, ireo ratsa-mangaikany dia nahafehy tsara ny teti-andrompifidiana. Ny fiarahamonim-pirenena dia nanamarina fa nisy ireo fanatsaràna ny mangarahara sy ny fifanatonana, ary nanindry fa indraindray dia tsy ampy ny serasera sy fampahafantarana.
- Ny Minisiteran'ny Atitany dia mitoetra ho tompon'antoka amin'ny filaminana sy fiarovana ny latsa-bato ataon'ny mpitandro ny filaminana, sy amin'ny fandrindrana mahakasika ireo famoriam-bahoaka amin'ny fampielezan-kevitra. Voamariky ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana fa miara-miasa tsara ny vahoaka sy ny mpitandro ny filaminana izay ahitana ny polisy, ny zandarmaria ary ireo miaramila..
- Vokatry ny fanavaozana natao tamin'ny 2012 sy ny fanitsiana farany ny lisi-pifidianana natao ny 1 Desambra 2017 hatramin'ny 15 aprily 2018, dia miisa 9 913 599 ireo mpifidy. Matetika dia misedra olana ara-logistika sy ara-pandaminana ny fizarana ireo kara-pifidianana ka ny herinandro mialoha ny fandatsaham-bato, na ny andron'ny latsa-bato mihitsy vao voazara izany. Tsikaritry ny iraka fa nisy fiantraikany nandritra ny tontolo andron'ny fandatsaham-bato izany.
- Ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia nahatsikaritra fa nisy fikorontanana teo amin'ny fizotry ny famantarana ireo mpifidy anatin'ireo lisi-pifidianana teo ivelan'ny birao fandatsaham-bato sy ny fizarana kara-pifidiana ampotomoty. Ireo toe-javatra ireo dia nisy fiantraikany nandritra ny fandatsaham-bato. Ny fizarana ny kara-pifidianana dia tsy voaomana araka ny tokony ho izy, toy izay fanao amin'ireo dingana mialoha ny fifidianana.
- Ny fandatsaham-datsabato dia nizotra am-pitoniana sy am-pilaminana tamin'ny ankapobeny. Voafehy ireo fahatarana tamin'ny fanokafana ny birao fandatsaham-bato - latsaky ny 5% ny

fahatarana mihoatra ny adiny iray. Raha voafehy tsara ireo paika arahina tamin'ny fandatsaham-bato, ny fanisam-bato, izay nizotra am-pilaminana sy mangarahara, dia niavaka tamin'ny fahatongavan'ireo olona maro be, izay nanampy trotraka ny fahasarotana ara-teknika amin'ny fanantanterahana izany raharaha izany. Etsy ankilan'izany, ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia nanamarika ny tsy fanaraharana ny toro-marika amin'ny fanaovana peta-drindrina ireo fitanana an-tsoratra eo ivelan'ny biraom-pifidianana, izay roa amin'ny dimy ihany no nanaraka izany.

- Koa satria tsy mbola tafatsangana ny rafitra manampahefana eto amin'ny firenena mandrindra ny serasera sy fampitam-baovao na Autorité Nationale de Régulation de la Communication Médiatisée izay voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny serasera tamin'ny 2016, dia ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana ihany no niandraikitra ny fandrindrana sy nitandro ny fitovian'ny fotoana hitenenan'ireo kandidà amin'ny haino aman-jerim-panjakana mandritra ny fampielezan-kevitra.
- Ny fanaraha-maso ireo haino aman-jery nataon'ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho an'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia nanambara fa voahajan'ny haino aman-jerim-panjakana ireo fepetra avy amin'ny CENI. Ireo haino aman-jery tsy miankina kosa dia miandany amin'ny kandida, ary izay fandaharana andoavam-bola no nomena vahana sy mivoitra kokoa.
- Na dia nisy aza ny tolo-kevitra avy amin'ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana ny taona 2013, dia mbola voafetra ny anjara toeran'ny vehivavy eo sehatra politika ary ireo lalàna misy dia tsy miantoka ny fitoviana eo amin'ny lahy sy vavy. Na dia misy vehivavy dimy aza amin'ireo kandida 36, dia mbola vitsy an'isa izy ireo eo amin'ny sehatra politika, antoko politika ary ny fitantanana ny fifidianana, indrindra any amin'ireo toerana ambanivohitra.
- Ireo zon'olombelona fototra dia voaantoka anaty lalàna, saingy hitan'ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana fa tsy ampy ireo fepetra noraisina ho fampiharana azy entina miantoka ny fandraisan'ny rehetra anjara sy ny fahafahan'ireo mpifidy manana fahasembanana, any amin'ny hopitaly na any am-ponja mandatsa-bato. Ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny Zon'olombelona izay efa miasa nanomboka tamin'ny taona 2017, dia isan'ny dingana manan-danja efa vita.
- Ny sampana fanaraha-maso Safidy dia nanaparitaka mpanara-maso malagasy mihoatra ny 7000 teo anivon'ireo biraom-pifidianana rehetra ao amin'ireo distrika 34 miparitaka amin'ireo faritra fito iasany. Ny Komity Nasionalin'ny Fanaraha-maso ny fifidianana, izay niara-niasa tamin'ny Kaomisiona Episkopaly Justice et Paix, dia afaka niantehitra tamin'ny tambazotrany izay nahitana mpanara-maso manodidina ny 5.500 manerana ny nosy.
- Ny ampitso ny fandatsaham-bato, ny HCC dia nampahatsiahy fa ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana sy ny Fitsarana irery ihany no manam-pahefana manambara ny vokatra, ary nanasa ireo mpilatsaka hofidiana hiandry izany. Ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia manohana io fomba io: ny fanambaran-tena ho mpandresy dia mamparefo ny fanamafisana ny demokrasia antony nandehanan'ny vahoaka Malagasy nandatsa-bato am-pilaminana.

Ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana (MOE UE) dia miasa teto Madagasikara nanomboka ny 22 Septambra 2018, taorian'ny fanasana avy amin'ny Governemantan'ny Repoblikan'i Madagasikara. Ny iraka dia tarihan'ny Lehiben'ny mpanaramaso Cristian Preda, mpikambana ao amin'ny Parlemanta Eoropeana. Ny iraka dia nanaparitaka mpanaramaso miisa 109 sy mpamakafaka avy amin'ny firenena miisa 28 mpikambana ao amin'ny Vondrona Eoropeana, Norvezy sy Soisa. Ireo mpanara-maso ireo dia naparitaka mba hanombanana ny zotram-pifidianana araka ny lalàna

manan-kery eto Madagasikara, ireo fitaovana ara-dalàna iraisam-pirenena sy eo anivon'ireo vondrom-paritra, ary koa araka ireo fifanekena ara-politika mamaritra ny fifidianana demokratika. Misy delegasiona avy amin'ny Parlemanta Eoropeanina, tarihan'ny solom-bavam-bahoaka eoropeanina Lidia Joanna Geringer de Oedenberg, nanatevin-daharana ny iraka ary miombon-kevitra amin'ity fanambarana voalohany ity. Tamin'ny andron'ny fandatsaham-bato, ireo mpanara-maso dia nitsidika biraom-pifidianana miisa 600 mba hanara-maso ny latsa-bato sy ny fanisam-bato. Ity fanambarana mialoha ity dia avoaka ampahibemaso mialoha ny faran'ny zotram-pifidianana. Ny fanombanana farany sy feno dia hiorina amin'ny fanaraha-maso ireo dingana farany amin'ny zotram-pifidianana, anisan'izany ny fandravonana ny vokatra, sy ny fanaraha-maso ireo fifanolanana mikasika ny fifidianana. Ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho amin'ny fanaraha-maso ny fifidianana dia mijanona eto amin'ny firenena ka hanara-maso ny fizotry ny dingana aorian'ny fifidianana. Ny iraka dia hamoaka tatitra farany, anatin'ny roa volana aorian'ny faran'ny zotram-pifidianana, izay ahitana ireo tolo-kevitra fanatsarana. Ny MOE UE dia mahaleotena amin'ny famakafakana sy ny tsao-kevitra ataony. Izy dia nanao sonia ny fanambarana momba ny fitsipika mahakasika ny fanaraha-maso ny fifidianana iraisam-pirenena eo ambany fiahian'ny Firenena Mikambana..

Fanamarihana mialoha

TOE-DRAHARAHA ARA-POLITIKA

Fandraisan'anjaran'ireo mpisehatra ara-politika rehetra

Ny fifidianana ny 7 Novambra 2018 no fifidianana filoham-pirenena voalohany hatramin'ny faran'ny vanim-potoan'ny tetezamita tamin'ny Desambra 2013. Marc Ravalomanana sy Andry Rajoelina, ireo filoha teo aloha voailika tamin'ny 2013 noho ny politikan'ny "tsy ... tsy ...", dia isan'ireo mpilatsaka hofidiana amin'ity indray mitoraka ity. Izany dia ao anaty vanim-potoana sy toe-draharaha politika saro-pady izay hiatrehana fanamby goavana, dia fahamarina-toerana ara-toekarena sy ara-politika ary ny fanamafisana ny demokrasia andraisan'ny rehetra anjara. Ny fandaniana ireo lalàm-pifidianana ny 3 Aprily 2018, izay nampisy ady hevitra samihafa dia niteraka krizy, fifandonana sy korontana teto andrenivohitra ka nahafatesana olona roa sy naharatrana olona am-polony fara fahakeliny ny 21 Aprily 2018. Ny fanelanelanana nataon'ny vondrona iraisam-pirenena sy ireo mpisehatra nasionaly ary ny fanapahan-kevitry ny HCC no nahafahana namaha ara-potoana ny krizy mialoha ny fifidianana[1], ka nahatonga ny fananganana ny governemantan'ny marimaritra iraisana ny 11 Jona sy ny fifanarahana mahakasika ny tetiandro ny 29 Jona ka hanatanterahana fifidianana mialoha ny fotoana. Noho izany, tapaka fa ny 7 novambra no hanantaterahana ny fihodinana voalohany ary raha misy ny fihodianana faharoa dia ny 19 desambra no hanaovana izany.

Raha ireo kandida 36 mifaninana no jerena dia vehivavy ny dimy amin'ireo ary 31 no lehilahy, efatra amin'izy ireo no efa filoha[2] teo aloha, telo no efa Praiminisitra[3] ary 11 no minisitra teo aloha. Ankoatra izany, kandida miisa dimy no latsaky ny 45 taona. Nandritra ny zotram-pifidianana, dia nitoetra hatrany fahamarinan-toerana teo amin'ny tontolo politika, saingy nandritra ny tapa-bolana farany vao nisy tranga

[1] Vao nanomboka ny korontana, ny Vondrona Afrikanina, ny Firenena Mikambana, ny Vondrona Eoropeanina ary ny SADC dia nanomboka diplomasia fisorohana mba hivoahana amin'ny krizy.

[2] Didier Ratsiraka, Filohan' ny Repoblika ny 1975 hatramin'ny 1991, avy eo ny 1996 hatrmain'ny 2001 ; Marc Ravalomanana, Filohan' ny Repoblika ny 2002 hatramin'ny 2009 ; Andry Rajoelina Filohan' ny tetezamita ny 2009 hatramin'ny 2013 ary Hery Rajaonarimampianina, Filohan' ny Repoblika ny 2014 hatramin'ny 2018

[3] Jean Omer Beriziky, Praiminisitra ny oktobra 2011 hatramin'ny aprily 2014 ; Jean Ravelonarivo, Praiminisitra ny janoary 2015 hatramin'ny aprily 2016 sy Olivier Mahafaly Solonandrasana, Praiminisitra ny aprily 2016 hatramin'ny jona 2018

fiovana sy fikorontanana nanamarika ny raharaham-pifidianana teto an-drenivohitra. Niezaka nampitony ireo mpisehatra rehetra ny amin'ny fizotry ny fanomanana ny fihodinana voalohany am-pilaminana ny governemanta ary nangataka ny hanajana ny datin'ny 7 Novambra. Ankoatr'izay, dia niezaka ihany koa ireo manampahefana niantoka ny fampandehanan-draharaha teo anivon'ireo andrim-panjakana amin'ny alalan'ny fanomezana ireo enti-manana ara-pandraharahana, ara-logistika[4], ara-bola ary ny fiarovana mba ahafahana manantanteraka ny latsa-bato[5]. Na dia teo aza izany, dia mbola nisy ihany tranga mety ahiana mampisara-bazana ny mpiray tanindrazana sy ny fahamarinan-toeran'ny firenena izay nisy fiantraikany tamin'ny fitoniana manodidiana ny fifidianana.[6]

Nandritra ireo dingana samihafa tamin'ny zotram-pifidianana, dia nisy andiana kandida maro an'isa nanohitra ny fifidianana. Izy ireo dia fantatra amin'ny anarana hoe « Vondron'ireo kandida mpanohatra » (Collectif na Vondrona), izay nanely ahiahy mikasika ny hanatanterahana ny fifidianana sy nampivoitra andiana fanontaniana maromaro sy tahotra momba ny zotram-pifidianana ka anisan'izany ny fandriam-pahalemana sy ny fiarovana. Ny 19 Oktobra dia nasain'ny CENI ireo kandida 36, hiara-hivory aminy ka nampitaina mivantana tamin'ny haino aman-jery izany. Tamin'izany no nanehoan'izy ireo ahiahiny tamin'ireo manampahefana ka nangatahany ny fanokafana ny lisi-pifidianana, ny fanemorana ny daty hanaovana ny latsa-bato ary ny fametrahana fitsarana manokana misahana ny fifidianana. Rehefa tonga ny misasakalina ka tsy afa-po tamin'ny valin-teny nentin'ireo mpisehatra nanatrika ny fivoriana izy ireo mahakasika ny fangatahany dia naka fanapahan-kevitra iraisana ny « Collectif » na Vondrona ka nanao ny sonia fifanarahana politika.

Ny 25 Oktobra, ny Collectif na Vondrona dia nanatanteraka Fihaonambem-pirenena ho an'ny fiandrianana izay nahitana mpandray anjara miisa 1000 ka kandida 19 no tonga nanatrika izany. Ny fehi-kevitra niraisana nivoaka tamin'izany dia nantsoina hoe "Fifanekena nasionaly ho an'ny fiandrianana" izay neken'ireo kandida miisa 15[7] sy nanomezan'izy ireo fe-potoana hentitra 72 ora ho an'ny fanjakana. Anisan'ireo fitakiana sy fanapahan-kevitra tamin'izany: ny fanokafana ny lisi-pifidianana, ny fametrahana ny fehi-kevitra eny anivon'ireo andrim-panjakana; ny fampiatoana ny fampielezan-kevitr'ireo kandida mpanao sonia; ny fampielazana ny votoatin'ny fehi-kevitra ho an'ny vahoaka Malagasy ary ny fanasana ireo kandida hafa tsy nanao izany mba hanatevin-daharana ilay hetsika. Ny 30 Oktobra dia nanapa-kevitra ireo kandida fa hanohy ny hetsi-panoheran'izy ireo teto an-drenivohitra sy any anivon'ireo faritany enina manerana ny nosy mba hampiely sy hanaparitaka ny votoatin'ny fehi-kevitr'izy ireo sy ireo fangatahany. Na izany aza, ny MOE UE dia nahatsikaritra fa nisy tamin'ireo kandida nanao sonia nanohy ny fampielezan-keviny teny an-kianja na tamin'ny alalan'ireo komity mpanohana azy.

[4] Ny filan-kevitry ny minisitra, nandritra ny fivoriany, tamin'ny 24 oktobra 2018, dia nampahatsiahy ireo kandida sy ireo mpanara-dia azy mba hanaja ny filaminam-bahoaka sy ireo fepetra mifehy fifamoivozana

[5] Ekipa mpanara-maso miisa dimy ambiny folo avy amin'ny MOE UE no nanamarina fa ny État-Major Mixte Opérationnel (EMMO) mamondrona ireo mpitandro ny filaminam-bahoaka rehetra dia mivory isan-kerinandro any amin'ireo faritra nanirahana azy hiasa

[6] Ny Filohan'ny Repoblika mpisolo-toerana Rivo Rakotovao, dia namaly manoloana ny fironana mitetika fanovana ny endrim-panjakana ny 18 oktobra tamin'ny onjam-peo Antsiva ho valin'ny fisamborana an'i Rainidina Liampivoarana, mpitondra teny ny hetsika « Fanjakana Gasy » voasambotra ny 14 oktobra sy Pety Rakotoniaina mpitarika ny tolona ho an'ny fanorenana ifotony HFI voasambotra ny 16 oktobra, ka nanehoany fa hetsika tsy manara-dalàna sy mitondra tandindon-doza ho an'ny endrim-panjakana tokana misy eto Madagasikara izany.

[7]Ireo kandida nanao sonia ny fehi-kevitra dia ireto manaraka ireto n°1 Haingo Rasolofonjoa; n°3 Tabera Randriamanantsoa ; n°7 Marcellin Andriantseheno; n°10 Andriamparany Radavidson ; n°14 Eliana Bezaza ; n°17 Erick Rajaonary; n°18 Arlette Ramaroson ; n°20 Joseph Martin Randriamampionona; N°21 Didier Ratsiraka ; n°24 Fanirisoa Ernaivo ; n°26 Serge Jovial Imbeh ; n°29 Jean Louis Zafivao ; n°30 Faly Rasolonjatovo ; n°32 Bruno Rabarihoela ; n°34 André Christian Mailhol.

LALÀNA

Lalàna vaovao mbola marefo

Madagasikara dia nankatoa ireo fitaovana ara-dalàna iraisam-paritra sy iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona sy ny fikarakarana fifidianana demokratika. Ny lalàna vaovao dia nankatoavina tamin'ny volana aprily 2018. Izany fankatoavana ny lalàna izany dia nahitana fahatarana sy notanterahina tamin'ny fomba tsy eken'ny rehetra, ary nasiam-panitsiana avy amin'ny HCC mialoha ny fampananan-kery ireo lalàm-pifidianana vaovao ireo ny 11 May 2018. Ireo lalàna mifehy ny fifidianana dia ahitana lalàna mametraka fenitra maro: ny Lalàm-panorenana ny Repoblika Fahaefatra sy ny lalàna fehizoro roa mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapankevi-bahoaka, sy ny mikasika ny fifidianana ny Filohan'ny Repoblika[8], izay fenoin'ireo rijan-tenin-dalàna aman-pitsipika[9] sy ireo lalàna mahakasika ireo andrim-panjakana tafiditra amin'ny fitantanana ny zotram-pifidianana[10].

Na izany aza, dia hita fa mbola misy lesoka sy banga ny lalàna mifehy ny fifidianana, ary indraindray aza dia mifanohitra sy manitsakitsaka ireo fifanekena iraisam-pirenena nosoniavin'ny Madagasikara izany. Ny sasany amin'ireo lesoka ireo dia mamparefo dingana maromaro amin'ny zotram-pifidianana. Ny fahabangana eo amin'ny lalàna mahakasika ny vanim-potoana mialoha ny fampielezan-kevitra ofisialy ("fampielezan-kevitra mialoha"), ny tsy fisian'ny famerana ireo fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra, ny tsy fampahafantarana ireo loharanom-bola amin'ny fampielezan-kevitra ary koa ny tsy fisian'ny fanasaziana ho an'ireo famatsiam-bola tsy manara-dalàna dia isan'ny nahazoany tsikera. Ny tsy fisian'ny fenitra sy fitsipika dia miantraika amin'ny fangaraharan'ny famatsiam-bolan'ireo kandida. Ny fandaniana amin'ny fampielezan-kevitra izay tsy voafehy[11] dia mampametra-panontaniana mikasika ny tsy fitovian'ireo enti-manana. Ny fanaraha-maso izay tokony ho tanterahana amin'ny alalan'ny rafitra mahefa vao niorina, ny Vaomiera Mpanara-maso ny Famatsiam-bola ny Fiainana ara-Politika, dia azo lazaina fa somary tara ihany raha ny fizotrany[12] no jerena. Araka ny tolo-kevitra nataon'ny MOE UE tamin'ny 2013, dia voamarin'ny iraka fa tafatsangana io vaomiera io[13], nefa dia tsy manana teti-bola izy io hanatanterahana ny andraikitra nankinina taminy.

FANDRAKETANA AN-TSORATRA NY FILATSAHANA HOFIDIANA

[8] Lalàna fehizoro laharana faha-018-008 mikasika ny fitondrana ankapobe ny fifidianana sy ny fitsapankevi-bahoaka sy ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-009 mikasika ny fifidianana Filohan'ny Repoblika araka ny ny fanapahana laharana faha-15-HCC/D3 sy faha-º16-HCC/D3 tamin'ny 3 mey 2018 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenena araka ny andrikiny amin'ny maha mpanara-maso ny fifanarahan'ny lalàna amin'ny lalàmponeranana azy.

[9] Didim-panjakana laharana faha-2018-640, laharana faha-2018-641, laharana faha-2018-642, laharana faha-2018-643 sy laharana faha-2018-644 ny 29 jona 2018, sy, ireo didim-panjakana laharana faha-2018-690 tamin' ny 10 jolay 2018, laharana faha-2018-795 tamin'ny 17 jolay 2018 sy laharana faha-2018-903 ny voalohan'ny volana aogositra 2018

[10] Ny lalàna laharana faha-2015-020 tamin'ny 19 oktobra 2015 mikasika ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny fifidiana na CENI, ny hitsivolana laharana faha-2001-003 tamin'ny 18 novambra 2001 momba ny lalàna fehizoro mikasika ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenena sy ireo rijatenin-dalàna manokana misahana amin'ny fandikan-dalàna amin'ny fifidianana.

[11] Ny filohan'ny Vaomiera misahana ny fanaraha-maso ny Famatsiam-bola ny Fiainana ara-Politika na CCFVP dia nanambara fa eo am-pamolavolana toro-lalana iray mikasika ireo vola miditra sy fandaniana.

[12]Andininy faha-83 sy 86 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008, ireo mpilatsaka hofidiana dia mametraka kaontin'ny fampielezan-kevitra ahitana soritra ireo vola miditra voaray sy ireo fandaniana natao ao antin'ny fe-potoana telo volana aorian'ny fanambarana ny vokatra ofisialy eo anivon'ny Vaomiera misahana ny fanaraha-maso ny Famatsiam-bola ny Fiainana ara-Politika, izay mamoaka ny lisitr'ireo kandida nametraka ny kaontin'ny fampielezan-keviny amin'ny faran'io fe-potoana io.

[13] Ireo Didim-panjakana laharana faha-2018-795 tamin'ny 17 jolay 2018 sy faha-2018-903 tamin'ny voalohan'ny volana aogositra 2018 mikasika ny Vaomiera misahana ny fanaraha-maso ny Famatsiam-bola ny Fiainana ara-Politika na CCFVP

Fepetra fandraisana anjara mifanaraka amin'ireo fenitra iraisam-pirenena

Ny lalàmpanorenana sy ny lalàm-pifidianana dia miantoka ny zo ahafahana milatsaka hofidiana amin'ny andraikitra faratampony sy ireo fepetra takiana, izay mifanaraka amin'ireo fenitra iraisam-pirenena amin'ny ankapobeny. Ny fizakana io zo io dia voafetra ihany, araka ny zava-misy, noho ny fidangan'ny petra-bola antoka voafaritra ho Ar50.000.000 (eo ho eo amin'ny 12.500 euros)[14], ary azo averina raha toa ka mahazo 10% ny vato manan-kery. Raha ny fifanarahana iraisam-pirenena anefa no jerena dia tsy tokony hiseho ho toy ny fepetra fanavakavahana ahafahana milatsaka hofidiana ny fetran'ny vato manan-kery ahazoana fanonerana ny petra-bola antoka. Ny fampidirana ny fepetra mahakasika ny fanefana ireo adidy amin'ny hetra sy ny haba, ny fanambaram-panana sy ny fahadiovana eo amin'ny fitsarana voalazan'ny lalàm-pifidianana vaovao dia mifanaraka amin'ireo fomba amam-panao tsara iraisam-pirenena. Ny HCC dia namaritra fa ny telo taona farany no hiantefan'ny fepetra mahakasika ny fanefana ny hetra sy ny haba[15].

Ny 21 aogositra, tamin'ny fe-potoana farany fandraisana ny filatsahana hofidiana[16], dia antontan-taratasy miisa 46 no voarain'ny HCC. Taorian'ny fanamarinana momba ireo fepetra takiana, dia antontan-taratasy miisa 10 no tsy namaly izany[17]. Ny lisitra faran'ireo mpilatsaka hofidiana dia nofaranana ho 36 tamin'ny 22 Aogositra[18]. Ny filaharan'ny fanolorana ireo kandida ao amin'ny biletà tokana sy eny amin'ny toerana manokana natao handraisana ny peta-drindrina dia natao amin'ny alalan'ny an-tsapaka nataon'ny CENI tamin'ny 25 Aogositra[19]. Ny MOE UE dia nanamarika fa ny HCC dia efa namoaka didim-pitsarana mahakasika ireo fangataham-pitsarana roa mangataka ny fanalàna an-daharana kandida, izay nolaviny[20] noho ny tsy fahafenoan'ireo fepetra takiana araka ny endriky ny fangatahana. Ny fe-potoana ahazoana mametraka fangataham-pitsarana ho amin'ny fanalàna an-daharana kandida izay tsy nametra-pialana tamin'ny andraiki-panjakana sivily na miaramila, na kandida izay namoaka fanambarana ampahibemaso izay mikendry ny hanao fanalam-baraka amin'ny fitondran-draharaha momba ny fifidianana na ny andri-panjakana momba ny fitsarana ary ireo fangataham-pitsarana mahakasika tsy fanekena filatsahana hofidiana taorian'ny famoahana ny lisitry ny kandida, dia tsy voafaritra mazava.[21]

FITANTANAN-DRAHARAHA MOMBA NY FIFIDIANANA

Fitantanan-draharaha momba ny fifidianana maharitra sy matihanina nanomboka tamin'ny tetezamita

[14] Didim-panjakana laharana faha-2018-643 mamaritra ny fahabetsahan'ny fandraisana anjaran'ireo kandida amin'ny fandananiana ataon'ny Fanjakana ho an'ny fifidianana filoham-pirenena mialoha ny fotoana sy ireo fombafomba fanonerana azy tamin'ny 29 jona 2018

[15] Andininy faha-6, lalàna fehizoro laharana faha-2018-009 sy ny Fanapahana laharana faha-16-HCC/D3 tamin'ny 3 may 2018 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana

[16] Didi-panjakana laharana faha-2018-642 mametra ireo modelin'ny sasany amin'ireo singan-taratasy ilain'ny kandida amin'ny fifidianana filoham-pirenena mialoha ny fotoana ny modelin'ny singan-taratasy voalaza ao amin'ny andininy faha-8 sy faha-10 ny lalàna fehizoro, sy ny vanim-potoana fametrahana antontan-taratasy filatsahan-kofidiana, tamin'ny 29 jona 2018, araka ny andininy faha-11 ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-009

[17] Araka ny Fanapahana laharana faha-25-HCC/D3 tamin'ny 22 aogositra 2018 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana tsy mampanan-kery ireo filatsahan-kofidiana ho an'ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 7 novambra 2018

[18] Araka ny Fanapahana laharana faha-26-HCC/D3 tamin'ny 22 aogositra 2018 mamarana ny lisitra faran'ireo kandida amin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 7 novambra 2018

[19] Andininy faha-123, lalàna fehizoro laharana faha-2018-008

[20] Fanapahana laharana faha-07-HCC/AR tamin'ny 22 aogositra2018 sy fanapahana laharana faha-09-HCC/AR tamin'ny 5 septambra 2018

[21] Andininy faha-208 hatramin'ny 210 sy ireo tovana amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008.

Araka ny tolo-kevitra avy amin'ny MOE UE tamin'ny 2013, ny Vaomieram-Pirenena mahaleotena misahana ny Fifidianana izay nandimby ny vaomieran'ny Tetezamita ny faran'ny taona 2015,no nikarakara ny fifidianana voalohany. Ny fampaharetana io andrim-panjakana io dia vokatry ny fanovana ny firafitr'ireo mpikambana eo anivon'ny foibe - sivy no mpikambana maharitra ao amin'ny Birao maharitra, miampy ireo solontenan'ireo kandida amin'ny fifidianana 36, izay mpikambana tsy maharitra nanomboka tamin'ny fankatoavana ny filatsahana hofidiana - toy ny eo anivon'ireo ratsamangaika, ary ny tsy fahaverezan'ny fahefana mamaritra ny datin'ny fifidianana rehetra.

Ny CENI, foibe sy amin'ny alalan'ny rantsamangaikany dia miezaka mampiseho ny fahavononany amin'ny fahaleovan-tena, ny tsy fitanilana, ny maha-matihanina sy ny fangaraharana. Ny fahatokisan'ny ankamaroan'ny mpisehatra amin'ireo ratsamangaikan'ny CENI dia mitoetra eo anivon'ireo faritany ka hatrany amin'ny kaominina. Mandritra ny vanim-potoan'ny fifidianana, ireo lehiben'ny fokontany (kartietanana) no mpisolotena ny CENI any amin'ny ambaratonga ifotony alohan'ny biraom-pifidianana (BV). Izy ireo no heverina ho akaiky indrindra amin'ny fitondram-panjakana raha ny ratsamangaikan'ny CENI no jerena. Raha ny marina, ireo lehiben'ny fokontany dia tsy dia mahafantatra momba ny raharahampifidianana, raha oharina amin'ny komity ny fifidianana eny ifotony.

Hatramin'ny 2017, ny tetibola manokan'ny CENI dia voafaritra araka ny lalàna mifehy ny teti-bola. Na izany aza, dia noheverina fa tsy ampy izany tamin'ity fifidianana ity, raha ny enti-manana ara-bola, arapitaovana ary ara-logistika no jerena, hoy ny ankamaroan'ireo ratsamangaikan'ny CENI, izay mbola nohamafisin'ny filohan'ny CENI noho ny famoaham-bola nataon'ny governemanta herinandro monja mialoha ny fifidianana, sy ny fanamafisana ara-logistika goavana, toy ny fangatahana fampiasana ireo fiara-panjakana raha toa ka ilaina izany araka ny zava-misy any an-toerana.

Ny Minisiteran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, mpisehatra manan-tantara amin'ny fikarakara ny fifidianana hatramin'ny taona 2007, dia mitoetra ho tompon'andraikitra amin'ny famolavolana ireo rijantenin-dalàna aman-pitsipika. Ny Minisitera sy ny Primatiora, no tompon'antoka amin'ny filaminana sy fiarovana ny latsa-bato miaraka amin'ireo mpitandro ny filaminana, sy amin'ny fandrindrana mahakasika ireo famoriam-bahoaka amin'ny fampielezan-kevitra.

Ny CENI sy ny ankamaroan'ireo ratsamangaikany dia nahafefy ny tetiandrom-pifidianana nanomboka tamin'ny foibe ka hatrany anivon'ny distrika. Ny lafiny famoronona sy ny firaiketana an-tsoratra hita soritra, toy ny biletà tokana natonta tao Afrika Atsimo; ny fandaharam-potoana; ireo fanamby ara-lojistika, ary ny fandaharam-pampiofanana rehetra ho an'ireo mpikambana maherin'ny 130.000 avy amin'ny vaomiera any ifotony, mpikambana ao amin'ny biraom-pifidianana sy mpikambana ao amin'ny sampana miandraikitra ny fanisam-bato dia nohamafisina tamin'ny alalan'ny akon'ireo traikefa teo aloha mba hitondrana fanatsarana. Ka tamin'izany no nanomezan'ny CENI andraikitra ireo distrika mikasika ny fomba fanaparitahana mankany amin'ireo kaominina sy fokontany. Na izany aza, ny MOE UE dia nahatsikaritra fa ireo filohan'ny sampana miandraikitra ny fanisam-bato dia tsy nampiofanina niaraka tamin'ireo mpikambana hafa ao amin'io sampana io.

Ny fiantraikany tena hita taratra tamin'ny fiovan'ny tetiandro dia mifandraika, ankoatry ny fahataran'ny famoaham-bola, dia mifototra amin'ny fampiofanana ireo mpikambana ao amin'ny BV izay nahena ho iray andro ary tapak'andro aza indraindray raha tokony ho roa andro izany[22]. Nitohy hatramin'ny andro mialoha fandatsaham-bato izany fampiofanana izany arakaraky ny toerana - raha tokony ho tamin'ny 4 Novambra no nanaovana izany, izay tsy nahafahana niantoka fomba fiasa tsara, toy ny tsy fahafahana mandray naoty an-tsoratra. Raha ny hitan'ny MOE UE dia nisy lesoka ny fanomanana ny fomba fiasa

[22] Voatilin'ny MOE UE fa ahiana ny fisian'ny fialana an-daharanan'ireo mpisehatra izay voasariky ny tambin-karama betsaka kokoa avy amin'ireo kandida izay tsy sasatra mitady delege. Misy ihany koa ireo fahatarana hafa nateraky ny tsy fahampian'ireo fitaovam-pifidianana noho ny fitomboan'ny biraom-pandatsaham-bato vaovao.

nandritra ireo fampiofanana ireo, ka manolo-kevitra ny iraka mba ahafahan'ny CENI mitondra ireo fanitsiana mety indrindra amin'ny toerana nahitana izany, hiatrehana ny fihodiana faharoa.

Teo anelanelan'ny filazàna ireo mpilatsaka hofidiana sy ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra, ny MOE UE dia nahatsikaritra ny tsy fahampian'ny serasera avy amin'ny CENI ho an'ireo olom-pirenena, fanamarihana izay nampitain'ny fiarahamonim-pirenena. Ny MOE UE dia mankasitraka ny fandraisan'andraikitra nataon'ny CENI tamin'ny lafiny serasera nandritra ireo 15 andro mialoha ny fifidianana. Ny 31 oktobra, ny CENI dia nikarakara varavana misokatra natokana ho an'ny fomba fiasa amin'ny fikirakirana ny vokatra.

Ary farany, ny CENI koa dia tokony nandinika sahady ny mety hisian'ny fihodinana faharoa izay hatao ny 19 Desambra vantany vao nanomana ny fihodiana voalohany.

FISORATANA ANARAN'IREO MPIFIDY

Lisi-pifidianana nohavaozina tamin'ny fiandohan'ny taona 2018 sy kara-pifidianana vaovao nozaraina hatramin'ny andro fandatsaham-bato dia nisy fiantraikany tamin'ny fizotry ny fandatsaham-bato.

Ny lalàna dia miantoka ny zo hifidy ho an'ny olom-pirenena Malagasy rehetra tsy misy famerana noho ny mahalahy na mahavavy, mahafeno taona misitraka ireo zo sivily sy politika. Na izany aza, misy lafiny sasany dia nametraka olana raha ireo fifanekena iraisam-pirenena no jerena: ny tsy fisian'ny paika miantoka ny fahafahan'ireo Malagasy mipetraka any ivelany mifidy, sy ny fomba fandrafetana ny lisi-pifidianana, izay mijanona ho loharanon-tsikera sy fangatahana avy amin'ny kandida maro. Raha ny tokony ho izy, ny fandrafetana ny lisitra dia natao araka ny lalàm-pifidianana tamin'ny 2012 ary ny ampahany amin'ny fanitsiana na ny fanavaozana no fehezin'ny lalàna vaovao ny 2018.

Ny vokatry ny fanavaozana natao ny taona 2012, ny lisi-pifidianana dia avy amin'ireo firaiketana antsoratra azo tamin'ny alalan'ny fanisana ny mpifidy ataon'ny vaomiera misahana izany eny anivon'ny fokontany. Araka ny lalàna tamin'ny 2012, dia misy ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana izay tanterahana nanomboka ny 1 Desambra 2017 hatramin'ny 31 Janoary 2018, izay narahin'ny fahafahana nanamarina ny lisitry hatramin'ny 15 aprily, ka nanomezana fe-potoana fanaovana fitarainana izay mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena. Olona an'arivony maromaro tsy tao anaty lisitra, noho ny antony ara-logistika, no nampidirina tao amin'ny lisi-pifidianana araka ireo fangatahan'ny CENI teo anivon'ireo fitsarana mahefa dia ny fitsarana ambaratonga voalohany izany. Ny MOE UE dia nanamarika fa ireo tanora izay feno 18 taona eo anelanelan'ny 1 febroary sy 7 novambra 2018 - izay miisa eo amin'ny 400.000 eo ho eo, izany hoe 4% -n'ny mpifidy, izay saika tsy manana ny kara-panondrom-pirenena avokoa - dia tsy afaka nisoratra anarana tao anatin'ireo lisitry ny mpifidy.

Ny CENI dia nanamora ny fanamarinana tamin'ny taona 2015 tamin'ny alalan'ny vondrona fiarahamonim-pirenena, avy eo ny faran'ny taona 2017 sy Septambra 2018, tamin'ny alalan'ireo iraka roa avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena avy amin'ny frankofonia. Ny fanamarinana farany dia naharitra 10 andro tsy nisy fanadiahadiana teny ifotony, fa nisy fandraisan'anjaran'ny antoko politika sy ny fiarahamonim-pirenena. Araka ny tsao-kevitra voalohany, ny tahan'ny vehivavy dia mari-toerana raha oharina amin'ny taona 2013 – miisa 85 no vehivavy raha toa misy lehilahy 100 - saingy mihena izany ho an'ireo 18 taona - 30 taona: 27% miohatra amin'ny 31%, raha 47% ny isan'ny mponina feno taona.

Ny lisi-pifidianana dia napetraka teny anivon'ireo fokontany miisa 19,169 nanomboka tamin'ny faran'ny volana Aogositra (18,333 fokontany no efa nisy tamin'ny fotoana nanaovana ny raharaha), mba hahafahan'ireo mpifidy manamarina ny fisoratana anarana. Ny tranonkalan'ny CENI ihany koa dia

hahafahan'ireo mpifidy nanamarina ny fisoratana anarana. Na dia tsy mitaky izany aza ny lalàna, ny CENI dia tsy nanapa-kevitra ny hanolotra ireo kandidà ny dika mitovy ny lisitry ny mpifidy amin'ny endriny elektronika, toy ny fanao any amin'ny firenen-kafa.

Ny lisi-pifidianana sy kara-pifidianana dia natonta tany anivon'ny faritra. Na dia nanomboka tamin'ny volana septambra 2018 aza ny fanontam-pirinty, dia niara-niaiky ireo ratsamangaika fa nisy fahatarana ny fanontana sy ny fizarana ireo kara-pifidianana – olana tamin'ny fanontana, fepetra ara-lojistika, sns. Na dia tsy misy fe-potoana takiana aza, ny ankamaroan'ny fizarana ny kara-pifidanana dia tsy nanomboka raha tsy efa 10 andro mialoha ny fandatsaham-bato ka nitohy hatramin'ny andron'ny latsa-bato.

Ny lehiben'ny fokontany dia tompon'andraikitra amin'ny fizarana ireo kara-pifidianana amin'ny olom-pirenena. Ny fanatanterahana izany dia hita fa misy tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy arakaraky ny toerana: fanaovan-tsonia tokana ho an'ny fangalana karatra maromaro izay tsy misy fomba fiasa ahafahana mamantatra sy manamarina ny fizarana, ny fizarana ny karatra isam-baravarana etsy andaniny, ny andraikitry ny olom-pirenena mandeha maka ny kara-pifidianany amin'ny fe-potoana samihafa etsy ankilany, izay indraindray nilàna fanairana hatramin'ny fotoana farany. Ny MOE UE dia nahita fa kahie vaovao no nanoratana sy nanamarihan'ireo mpifidy nahazo ny kara-pifidianany raha tokony efa nisy lisitra fanaovan-tsonia voatonta mialoha natokana ho amin'izany. Raha ny toe-javatra tamin'izany dia afaka nalaina isam-pianakaviana ireo kara-pifidianana. Ny MOE UE dia maniry ahafantatra ny fahafaha-manaon'ny CENI mamoaka ho an'ny sehatra nasionaly ny tahan'ny karatra voazara mialoha, na taorian'ny fifidianana aza.

Ny MOE UE dia mankasitraka ireo hetsika sy ezaka nataon'ny CENI, tamin'ny fandridrana toy ny fiaraha-miasa tamin'ny Ivon-toerana nasionaly misahana ny statistika (INSTAT), mikasika ny fametrahana tamin'ny tranonkala nanomboka ny 2 Novambra, sarin-tanin'ireo toerana misy ireo biraom-pifidianana isaky ny kaominina. Io tao-sarintany momba ny fifidianana io dia mamaritra mazava ireo toerana misy ny foibem-pifidianana miaraka amin'ny filazana ny anaran'ireo trano ivon-toerana, ireo laharana biraom-pandantsahambato (BV), ny kaody mifanaraka amin'izany ary ny isan'ireo mpifidy.

Ny MOE UE dia nahatsikaritra fa herinandro mialoha ny fifidianana, dia mety ho mihitsoka ny tranokalan'ny CENI ka nanjary tsy ho afaka mijery sy manamarina ny fisoratany anarana tao anaty ny lisi-pifidianana ireo mpifidy.

Ny 7 Novambra, ny MOE UE dia nahita fa ireo olana mahakasika ny fisoratana anaran'ireo mpifidy sy ny fizarana ny kara-pifidianana, dia nisy fiantraikany tamin'ny fizotry ny andro fandatsaham-bato.

NY FAMPIELAZAN-KEVITRA

Fampielezan-kevitra niavaka tamin'ny tsy fitovian'ny enti-manana teo amin'ny samy mpilatsaka hofidiana

Ny Dina mamaritra ireo fomba mendrika sy mahitsy, hifampifehezan'ireo kandida amin'ny fifidianana filoham-pirenena mba hisian'ny fitoniana dia vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ireo andrim-panjakana maro sy ireo fiarahamonim-pirenena[23]. Kandida enina ihany no nanao Sonia izany tamin'ny 3 Oktobra,

[23] Dina mamaritra ny fitondran-tena mendrika sy mahitsy ahitana teboka 30, izay novolavolaina niarahana tamin'ny Filan-kevitry ny Fampihavanam-pirenena Malagasy(FFM), ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI), ny Kaomisionina Nasionaly Mahaleotena ho an'ny Zon'Olombelona (CNIDH), ny Filan-kevitra Ambony ho an'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna (HCDDED) sy ny Birao Mahaleotena ho an'ny Ady amin'ny Kolikoly (BIANCO), Ny Sampana Miady amin'ny Famotsiam-bola et Madagasikara (SAMIFIN), Komity ho an'ny Fitandrovana ny Fahamendrehena

ary andro mialoha ny fiandohan'ny fampielezan-kevitra, dia nisy kandida fito hafa nanao sonia, ka anisan'izany ny filoha voafidy teo aloha Hery Rajaonarimampianina, tokana hany nanao Sonia izany tamin'ireo kandida efatra efa filohan'ny Repoblika teo aloha[24].

Nanomboka tamin'ny 8 Oktobra ny fampielezan-kevitra, izay niavaka tamin'ny toe-draharaha ara-politika azo lazaina fa nilamina tany amin'ny faritra rehetra sy tamin'ny tsy fitovian'ny enti-manana ara-bola teo amin'ireo samy kandida. Teto an-drenivohitra, dia ny hetsika fanoherana nataon'ny Vondrona mpanohitra na Collectif nangataka ny fanokafana indray ny lisi-pifidianana tamin'ny CENI ary avy eo tamin'ny HCC, no manamarika ny fanombohana ny fampielezan-kevitra. Ny MOE UE dia nahita fa ireo kandidà afaka nisidina nitsidika nanerana ny nosy sy ny ireo manana haino aman-jery irery ihany no afaka tena nitondra "rivotra fampielezan-kevitra". Satria izy ireo dia afaka nampiasa fiaramanidina sy angidim-by isan'andro ary nanao fanentanana sy "fampahalalam-baovao" amin'ny haino aman-jery mahazatra (gazety, onjam-peo sy fahita lavitra), izay miantefa amin'ny ampahany betsaka amin'ny mponina. Raha ireo tambazotra sosialy indray, ireo mpilatsaka ho fidiana sy ireo mpanohana azy dia samy nanao fampielezan-kevitra araka ny fombany avy. Ireo fifanakalozana sy ny fanehoan-kevitra amin'ny tontolon'ny virtoaly dia nahafahan'ireo mpampiasa izany nandray anjara amin'ireo adihevitra sy nahatonga azy ireo hanao fampielezan-kevitra koa.[25]

Ny fahitana ny kandida Andry Rajoelina (laharana faha-13), izay tohanan'ny antoko MAPAR dia hita nibahan-toerana tokoa, fa indrindra tamin'ny ankamaroan'ny renivohi-paritra tamin'ny fiandohan'ny fampielezan-kevitra, na ny vanim-potoana nialoha izany aza. Io kandidà io dia niakina tamin'ny fampiasa ny paikadin-tserasera manaraka ny toetr'andro, ny fanomanana sy fikarakara lojistika goavana ary fanentanana matanjaka ireo mpanohana azy. Kandida roa hafa ihany koa no tena manamarika ny sehatry ny fampielezan-kevitra: i) ny kandida Hery Rajaonarimampianina (laharana faha-12) izay saika hita manerana ny nosy ka anisan'izany ireo faritra amoron-dranomasina izay notohanan'ny tambajotran'ny olom-boafidin'ny antoko HVM dia ireo ben'ny tanàna, solombavambahoaka ary loholona; ary, (ii) ny kandidà Marc Ravalomanana (laharana faha-25) izay tohanan'ny antoko TIM sy olom-boafidy vitsivitsy ary mbola malaza eto afovoan-tany sy Antananarivo.

Mifanohitra amin'ny fanombohan'ny fampielezan-kevitra izay tsy nahitana afa-tsy ireo kandida telo malaza ireo sy mpilatsaka hofidiana vitsivitsy no hita teny an-kianja, rehefa tena nandeha ny fampielezan-kevitra dia nihamafy ny fanentanana, ka maherin'ny antsasaky ny kandidà no nidina ifotony nifandray tamin'ireo mpifidy[26]. Ny antsasany ambiny kosa dia tsy hita taratra teo amin'ny sehatra fifanerasera amin'ny vahoaka. Ireo kandida ireo dia mety ho hita amin'ny alalan'ny afisy sy ny sary mipetraka amin'ny

---

(CSI) ary indrindra, ireo fiarahamonim-pirenena dia ny ROHY, ny tetikasa FANDIO, Transparency International, Justice et Paix ary ONG TOLOTSOA

[24] Ny andro mialoha ny fampielezan-kevitra ny 7 oktobra, ireto kandida voalaza manaraka ireto no nanao Sonia ny Dina: Haingo Rasolofonjoa (laharana faha-1), Richard R. Rakotofiringa (laharana faha-2), Paul Rabary (laharana faha-8), Saraha Rabeharisoa (laharana faha-9), Benjamin A. Radavidson (laharana faha-10), Hery Rajaonarimampianina (laharana faha-12), Olivier S. Mahafaly (laharana faha-22), Mamy Radilofe (laharana faha-23), Jean Ravelonarivo (laharana faha-27), Solo N. Randriamorasata (laharana faha-28), Faly Rasolonjatovo (laharana faha-30), Jean Max Rakotomamonjy (laharana faha-31) sy Emma Rasolovoahangy (laharana faha-36).

[25] Ny fandrindrana ho fifehezna ireo tambazotra sosialy voalazan'ny lalam-pifidianana (andininy faha- 117), izay tsy mbola ampiharina noho ny mbola tsy fisian'ny Manam-pahefana eto amin'ny firenena mpandrindra ny serasera amin'ny fampitam-baovao na ANRCM

[26] Ny antsasany mahery tamin'ireo kandida no hita teny an-kianja, anisan'izany Tabera Randriamanantsoa (n°3), Zafimahaleo Rasolofondraosolo antsoina hoe Dama (n°4), Jules Etienne Rolland (n°5), Paul Rabary (n°8), Andriamparany Radavidson (n°10), Ny Rado Rafalimanana (n°11), Hery Rajaonarimampianina (n°12), Andry Rajoelina (n°13), Marie Eliana Bezaza (N°14), Stéphan Narison (n°16), Erick Rajaonary (N°17), Jean Omer Beriziky (n°19), Joseph Martin Randriamampionona (n°20), Olivier Mahafaly (n°22), Fanirisoa Ernaivo (n°24), Marc Ravalomanana (n°25), Jean Ravelonarivo (n°27), Faly Rasolonjatovo (n°30), Jean Max Rakotomamonjy (n°31), Bruno Rabarihoela (n°32), Roland Ratsiraka (n°33), André Mailhol (n°34), Orlando Robimanana (n°35) sy Emma Rasolovoahangy (n°36)

takelaka fanaovana peta-drindrina[27], fa tsy hita maso eny an-kianja mihitsy satria tsy manana fitaovana sy mpanohana vonona hirotsaka an-tsehatra amin'ny fampielezan-kevitra ho an'ny daholobe.[28] Miovaova arakaraka ny kandidà ireo fomba fanao sy paikady fampielezan-kevitra: famelabelaran-kevitra misy fifanakalozana sy fivoriana miaraka amin'ny mpanohana ho an'ny sasany, fivoriana eny an-kianja, fitetezana isan-trano, fanentanana ara-javakanto, famoriam-bahoaka an-kalamanjana amin'ny toerana iombonana na fananan-olon-tsotra, ary indraindray aza any amin'ny toeram-pivavahana, fivahinianana masina, karnavaly ary fanentanana manakaiky olona eny an-dalambe ho an'ny hafa. Ireo kandida Andry Rajoelina (laharana faha-13) sy Marc Ravalomanana (laharana faha-25) dia niara-niasa tamin'ireo mpandraharaha ara-tserasera amin'ny finday ka nandefa hafatra fohy na SMS mandrisika hifidy azy ireo[29].

Ny MOE UE dia nahita fa nisy fandikan-dalàna nandritra ireo famoriam-bahoaka nataon'ireo kandida, toy: ny fampiasana ny fiara-panjakana[30], ny fandraisana anjaran'ireo mpiasam-panjakana sy ny mpikambana ao amin'ny fitondram-panjakana nandritra ireo hetsika fampielezan-kevitra[31], ny fizarana vola[32] indraindray saronana amin'ny hoe famerenana ny saram-pitateran'ny mpanohana manatrika ireo fanentanana[33]. Ny fanerena amin'ny fandraisana anjara amin'ny fanentanan'ireo kandida dia isan'ny notsongain'ny iraka ihany koa. Ohatra amin'izany, ireo mpiambina ny ala dia noteren'ireo lehibeny mba hanatrika ny fampielezan-kevitry ny kandida iray[34]. Ankoatra izany, ireo kandida ihany koa dia mizara T-

[27] Ireo hita tamin'ny alalan'ny afisy nefa tsy hita teny an-kianja : ireo kandira Jean Jacques Ratsietison (n°6), Saraha Rabeharisoa (n°9), José Andrianoelison (n°15), Arlette Ramaroson (n°18), Mamy Radilofe (n°23), Imbeh Serge Jovial (n°26), Jean Louis Zafivao (n°29)

[28]Ireoa kandida tsy hita taratra dia Haingo Rasolofonjoa (laharana voalohany 1), Richard R. Rakotofiringa (laharana faha-2), Marcellin Andriantseheno (laharana faha-7), Didier Ratsiraka (laharana faha-21) et Solo N. Randriamorasata (laharana faha-28)

[29] Ny 26 oktobra ny mpandrahara ara-tserasera Orange dia nandefa hafatra fohy na SMS mba hisarihana hifidy ny kandida laharana faha-13, toy izany koa niaraka tamin'ny mpandraharaha Telma ny 27 sy ny 30 oktobra. Mbola niaraka tamin'ny mpandraharaha Telma ihany, izay nandefa hafatra mitovy amin'izany ho an'ny kandida laharana faha-25 tamin'ny 10 oktobra sy ny 5 novambra

[30] Nandritra ny fampielzan-kevitry ny kandida Hery Rajaonarimampianina (laharana faha-12) tao Fianarantsoa I, faritra Matsiatra Ambony tamin'ny 19 oktobra

[31] Nandritra ireo famoriam-bahoaka nataon'ny kandida Hery Rajaonarimampianina (laharana faha-12) : tao Analavory, faritra Itasy ny 9 oktobra, tao Marovoay, faritra Boeny ny 23 oktobra, tao Sambava Centre, faritra Sava ny 27 oktobra na koa tao Miarinarivo, faritra Itasy ny 31 oktobra. Toy izany koa, ny kandida Andry Rajoelina (laharana faha-13) tao Sambava Centre, faritra Sava ny 10 octobre sy ny kandida Marc Ravalomanana (laharana faha-25) tao amin'io faritra io ihany ny 12 oktobra na tao Soavinandriana ny faritra Itasy ny 22 octobre.

[32] Izany fihetsika fizarana vola izany dia nandritra ny fampielezan-kevitry ny kandida Hery Rajaonarimampianina (laharana faha-12) tao Taolagnarao ny 23 oktobra izay nahitana solom-bavam-bahoaka teo aloha nanolotra valopy nisy 200.000 Ar ho an'ny Lehibe ny *fokontany*, iray hafa indray koa no nizara vola tamin'ireo Tangalamena (ireo olon-kendrin'ny tanàna) ny voalohan'ny volana novambra tao Fanandrana, Tomasina faha-II, faritra Atsinanana. Toy izany koa, nandritra ny fampielezan-kevitry ny kandida Andry Rajoelina (laharana faha-13) tao Farafangana, faritra Atsimo-Atsinanana ny 26 oktobra, vola mitentina 12 tapitrisa Ariary no natolotra ny Mpanjaka tao an-toerana Tadatsy mpanjakan'ny Antefasy, sy tao Vangaindrano ny 30 oktobra, lela-vola mitentina 6 tapitrisa Ariary natolotra ny mpanjaka tao an-toerana Eliandre mpanjakan'ny Zafimananga

[33] Ny fizarana vola dia hita nandritra ny fampielezan-kevitra : ny kandida Andry Rajoelina (laharana faha13) tao Antsiranana I, faritra Diana ny 8 oktobra ; tao Sambava Centre, faritra Sava tao 10 oktobre, tao Tolagnaro, faritra Anosy ny 19 oktobra, tao Ampasimazava, Toamasina I, faritra Atsinanana ny 21 oktobra, tao Fenoraivo-Atsinanana, faritra Analanjirofo ny 23 oktobra, Mahamasina, faritra Analamanga ny 27 oktobre, tao Morondava Centre, faritra Menabe ny 27 oktobra, tao Vangaindrano, faritra Atsimo-Atsinanana ny 30 oktobra ; sy ny kandida Hery Rajaonarimampianina (laharana faha-12) tao Analavory, faritra Itasy ny 9 oktobra, tao Marovoay, faritra Boeny ny 23 oktobra, tao Morondava, faritra Menabe ny 24 oktobra, tao Sambava centre sy Ambarimihambana, faritra Sava araka ireto andro voalaza manaraka ireto ny 27 oktobra sy ny 2 novambra. Nisy kandida hafa ihany koa nampiasa izany fomba izany saingy tsy matetika : ny kandida Zafimahaleo Rasolofondraosolo (laharana faha-4) tao Toamasina I, faritra Atsinanana ny 28 oktobra ; ny kandida André Mailhol (laharana faha-34) tao Sambava centre, faritra Sava ny 2 novambra ; sy ny kandida Orlando Robimanana (laharana faha-35) tao Farafangana, faritra Atsimo-Atsinanana ny 30 oktobra.

[34] Araka ny MOE UE, nandritra ny famoriam-bahoaka nataon'ny kandida laharana faha-12 tao Marovoay, faritra Boeny ny 23 oktobra, nisy mpiambina ala nanamarina fa voaterin'ny lehibeny nandray anjara tamin'ny hetsika

shirts, satroka, saina, elo na lambahoany, eny hatramin'ny moto ho an'ny ben'ny tanàna[35] ihany koa aza. Ny fampielezan-kevitra dia niavaka tamin'ny fibahanan-toerana tamin'ireo haino aman-jery nanerana ny faritra rehetra entina mandrakotra sy mitatitra ireo famoriam-bahoaka nataon'ireo kandida telo tena mavitrika.

Tamin'ny faritra maro dia ireo olom-boafidy avy amin'ny antoko HVM, MAPAR sy TIM no nikarakara ireo famoriam-bahoaka ho an'ny kandidany tsirairay avy, izay matetika eo ambany fifehazan'ireo mpitandro ny filaminana sy fiarovana tsy miankina rehefa mitsidika any an-toerana ny kandida.

Nitohy tao anaty tontolo somary tony sy nilamina ny fampielezan-kevitra, na izany aza, ny MOE UE dia nahita tranga manokana, fa indrindra ireo herisetra namoizana ain'olona iray teto an-drenivohitra sy olona naratra tany Antsirabe[36]. Ireo mpanohana ny antoko politika sy ireo kandida dia nanohana fa voahaja amin'ny ankapobeny ny fahalalahana maneho hevitra sy mamory vahoaka. Ireo mpitandro filaminana dia nanara-maso avy lavitra, ary tsy nanelingelina ireo hetsika fampielezan-kevitra. Na izany aza, dia nisy tranga tsy fandriam-pahalemana roa nanamarika ny fizotry ny fampielezan-kevitra tamin'ny herinandro farany izay farafahakeliny nahafatesana olona iray, naharatrana olona sy ny nahasimba fitaovana. Ireo tranga ireo dia mikasika ny kandida Andry Rajoelina (laharana faha-13)[37] sy Marc Ravalomanana (laharana faha-25)[38]. Ireo teny nataon'i Fanirisoa Ernaivo, mpitsara sady kandida (No. 24) teny Mahamasina niantefa tamin'ny Polisim-pirenena dia nitarika fampiatoana azy amin'ny andraikitra maha mpitsara taorian'ny fanapahan-kevitra avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana ny Oktobra 31, 2018.[39]

TONTOLON'NY HAINO VAKY JERY

Fanajan'ireo haino aman-jerim-panjakana ireo fepetra sy lamina napetraky ny CENI raha toa ka nampiseho fiandaniana kosa ireo haino vaky jery tsy miankina

Koa satria tsy mbola tafapetraka ny rafitra manampahefana eto amin'ny firenena mandrindra ny serasera sy fampitam-baovao na (ANRCM), na dia efa voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny serasera tamin'ny 2016 aza, dia ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na CENI no niandraikitra ny fandrindrana ireo haino aman-jery mandritra ny fampielezan-kevitra[40].

[35] Ny MOE UE dia nahita tamin'ny faritra maro fizarana moto ho an'ireo ben'ny tanànan'ny antoko HVM nandritra ny fampielezan-kevitra. Ohatra amin'izany : tao Marovoay, sy ny kaominina ambanivohitra tao amin'ny faritra Boeny ny 23 oktobra, toy izany koa ireo ben'ny tanàna tao amin'ny distrikan'Amboasary tao amin'ny faritra Anosy

[36] Ny 27 oktobra, nisy mpanohana ny kandida Marc Ravalomanana (laharana faha-25) namoy ny aina tany amin'ny hopitaly vokatry ny herisetra nahazo azy tao amin'ny boriborin-tany voalohany teto andrenivohitra. Io andro io ihany, dia nisy fifamaliana sy tora-bato teo amin'ireo mpanara-dia an'ireo kandida laharana faha-13 sy faha-25 izay nahitana olona naratra tao Antsirabe. Teo ihany koa, ny fifanandrinana vaky teo amin'ireo mpanohana ny kandida Hery Rajaonarimampianina (laharana faha 12) sy Marc Ravalomanana (laharana faha-25) tao amin'ny Kaominina Marovazaha, ao amin'ny Distrika Anjozorobe, faritra Analamanga, ny 30 oktobra izay tsy nitera-doza.

[37] Nandritra ny fanentanana ireo mpanara-dia ny kandida laharana faha-13, fiarabe fitaterana iray nitondra ireo mpanohana no nivadika ka nisy olona naratra, tonga namangy azy ireo tany amin'ny hopitaly ny kandida taorian'ny famoriam-bahoaka nataony tao Taolagnaro ny 19 oktobra.

[38] Ny fampidirana miharihary ireo angidimbin'ny kandida laharana faha-25 izay nigadona teo amin'ny famoriam-bahoka nataony tao Ihosy, ny 18 oktobra dia niteraka faharatrana olona folo teo eo eo noho ny vovoka sy ny fifanosehana teo amin'ireo samy mpanohana.

[39] Fanapahana laharana faha-56/2018 mikasika ny fampiatona ny maha mpitsara ho fampiharana ny andiny faha-60 ny Satan'ny maha Mpitsara.

[40] Taorian'ny tolo-kevitry ny MOE UE 2013, napetraka ny rafitra manampahefana eto amin'ny firenena mandrindra ny serasera sy fampitam-baovao (ANRCM) tamin'ny 2016 araka ny fahezan-dalànan'ny serasera vaovao, saingy mbola tsy miasa izany hatramin'izao.

Ireo haino aman-jery dia nandrakotra sy nitatitra ny fampielezan-kevitra ary nandray anjara mavitrika ihany koa tamin'ny fanabeazana maha-olom-pirenena ireo mpifidy. Na izany aza, amin'ny fanatanterahana ny asany dia misedra olana sy voafehin'ireo fepetra voasoratra anatin'ny Fehezan-dalàna momba ny serasera tamin'ny 2016 izy ireo, izay manasazy hentitra ireo tsy fanarahan-dalàna amin'ny asa fanaovan-gazety miaraka amin'ireo andinin-dalàna ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka, indrindra mahakasika ireo fandikana ny fitondran-tena mendrika, ny fitandroana ny firenena ho iray tsy mivaky, ny fiainana manokana, ny fanalam-baraka ary ny kabary mitory fankahalàna.

Ny fanaraha-maso ireo haino aman-jery nataon'ny MOE UE ny 8 Oktobra ka hatramin'ny 6 Novambra dia mampiseho fa ireo haino aman-jerim-panjakana (TVM sy RNM) dia nanaraka ireo lamina sy fepetra napetraky ny CENI ka niantoka ny fidirana malalaka tsy andoavam-bola sy mitovy ho an'ireo kandida araka ny fandaharana ny anjara fitenenana napetraky ny CENI[41]. Nampitain'izy ireo ihany koa, araka io fandahara-potoana io ihany, ireo adi-hevitra niarahana tamin'ny kandidà. Noho izany, ny TVM dia nampita mivantana adi-hevitra miisa enina niarahana tamin'ny kandida enina isaky adihevitra, ary RNM kosa dia nikarakara adi-hevitra miisa sivy niarahana tamin'ny kandida efatra isaky ny adi-hevitra.

Ny fanaraha-maso ihany koa dia nahitana ny fampitam-baovao nataon'ireo haino aman-jery tsy miankina izay mizarazara araka ny fironana ara-politika miaraka amin'ireo kandida[42]. Na izany aza, ny iraka dia nanamarika fa tsara ny nanomezan'ny TV PLUS efatra minitra maimaim-poana isan'andro ho an'ny kandida miisa roa avy mandritra ny fotoan'ny vaovao an-tsary. Momba ny asa fanaovan-gazety tsy miankina[43], ny MOE UE dia nahatsikaritra fa kandidà laharana faha-13, laharana faha-12 sy laharana faha-25 no nibahana ny roa ampahatelon'ny sehatra natokana ho amin'ny fampitam-baovao mikasika ny fampielezan-kevitra.

Ny zava-misy fampandoavana vola ireo doka izay mahahenika ampahatelon'ny sehatra fampitam-baovao amin'ny haino aman-jery tsy miankina dia manamarina fa ny tombontsoa ara-bola no ambony mihoatra ny tsy fitanilana amin'ny fikirakirana ireo antontam-baovao.

Farany, tamin'ny 6 Novambra, dia marihina fa nanaja ny andro fahanginana amin'ny fifidianana ireo haino vaky jery.

FANDRAISANA ANJARAN'NY VEHIVAVY

Mbola miteotra ho vitsy an'isa ireo vehivavy amin'ny sehatra ara-politika sy amin'ny zotram-pifidianana

Madagasikara dia nanao sonia ny ankamaroan'ireo fifanarahana iraisam-pirenena mampiroborobo manokana ny miralenta. Na izany aza, ny lalàna mikasika ireo zon'ny vehivavy dia tsy ampy hery entina hamporisihina ny fandraisana ireo fepetra rehetra ilaina ho amin'izany. Na dia miantoka ireo zo handatsa-bato, ny fahazoana sy fandraisana anjara amin'ny fiainana ara-politika aza, ny lalàmpanorenana sy ny

[41] Ny sampana miandraikitra ny fanaraha-maso ny iraka dia naka feo sy nandalina isan'andro ny fandaharan'ireo haino aman-jerim-panjakana (TVM sy RNM), fahitalavitra tsy miankina telo (TV Plus, IBC sy Viva), onjam-peo tsy miankina roa (Antsiva sy RDB), ary gazety an-tsoratra roa (Midi Madagasikara sy L'Express).

[42] IBC dia nanokana 86 % ny fampitam-baovaony ho an'ny kandida laharana faha-12 sy Viva izay nanokana 94 % ny fotoany ho an'ny kandida laharana faha-13.
Tv plus dia nanome vahana ny kandida laharana faha-13 tamin'ny fanokanana ny 54 % ny fe-potoana fampitam-baovaony, 11 % ho an'ny laharana faha-12 ary 7% ho an'ny laharana faha-27

[43] Tao amin'ny gazety L'Express, ny laharana faha- 13, ny laharana faha- 12 sy ny laharana faha- 25 dia naheninka ny gazety araka ireo taha manaraka ireto araky ny filaharany avy 28 %, 27 % sy 17 %, raha ny Midi Madagasikara izay nanokana 37 % ho an'ny laharana faha-13 miohatra ny 23 % ho an'ny laharana faha- 12 sy 17% ho an'ny laharana faha 25

lalàna, dia mbola misy ireo toe-javatra mitory fanavakavahana ary ny Lalàna fehizoro 2018-008 dia tsy ahitana fepetra raisina entina mampiditra ireo vehivavy, izay mifanohitra amin'ny ny tolo-kevitra naroson'ny MOE UE tamin'ny 2013 izay mbola naverina indray nandritra ny Iraka fanraha-maso tamin'ny 2016.

Noho ny fisian'ireo vehivavy dimy amin'ny kandida 36, ny vehivavy, izay mihoatra ny 50% ny mponina, dia mitoetra ho vitsy an'isa eo amin'ny sehatra politika sy ny fitondran-draharaha amin'ny fifidianana. Amin'io teboka farany io, ny MOE UE dia manamarika ny tsy fifandanjana eo amin'ny lahy sy ny vavy tamin'ny fanendrena ireo mpikambana sivy ao amin'ny CENI, na dia tsy misy rindran-damina mametra izany ary[44]. Ny hany vehivavy tokana mpikambana ao amin'ny biraon'ny CENI koa dia mbola tamin'ny farany indrindra no nanendrena azy[45]. Ny fandraisana anjara ny vehivavy eo anivon'ireo ratsamangaikan'ny CENI ihany koa dia ahitana izay tsy fifandanjana izay satria: 25% fotsiny ny mpikambana ao no vehivavy[46]. MOE UE dia nahita taratra ny fisian'ny vehivavy amin'ireo toerana misahana andraiki-panjakana sy ara-politika eto an-drenivohitra, ary nahita fa mihalefy izany raha vao mivoaka tanàn-dehibe izay ahitana vehivavy vitsy an'isa ary matetika dia voafetra andraikiny. Rehefa jerena akaiky izany dia vokatry ny tsy fahampian'ny fanentanana mikasika ny miralenta. Ny lahatenin'ireo kandida dia tsy dia niresaka firy ary nilaza tamin'ny ampahany ihany ny miralenta. Izany zavatra hita izany dia voamarin'ny MOE UE tamin'ny andron'ny fandatsaham-bato. Araka izany, 17% ny BV nanaovany fanaraha-maso no nahitana fa vehivavy no filohan'ny biraom-pifidianana. Toy izany koa, ny 36% amin'ireo solontenan'ny kandida teo anivon'ny BV ihany no vehivavy. Teo anivon'ny fiarahamonim-pirenena (OSC) no nahitana ny fandraisana anjara ny vehivavy ambony indrindra satria 43% amin'ireo mpanara-maso nasionaly hita dia vehivavy avokoa.

ZON'OLOMBELONA SY IREO VONDRON'OLONA MAREFO

Fehezan-dalàna misy lesoka amin'ny fametrahana zotram-pifidianana misokatra amin'ny olom-pirenena rehetra

Madagasikara dia nanao sonia ireo ankabeazan'ireo lalàna iraisam-pirenena ho an'ny fampiroboroboana ny fitoviana amin'ny zon'olombelona ary ny Lalàmpanorenana dia miantoka ny zon'olombelona sy ireo fahalalahana fototra[47]. Nefa, na dia misy aza lalàna mametraka ireo foto-kevitry ny fitoviana amin'ireo zo ara-politika (zo hifidy na handatsa-bato, fahazoana sy fandraisana anjara amin'ny fiainana ara-politika) dia mbola misy ihany toe-javatra mitory fanavakavahana mitoetra.

Ny lalàna mifehy ny fifidianana ankehitriny dia mbola misy lesoka sy banga noho ny tsy fisian'ny fepetra manokana ho an'ireo olona manana fahasembanana (PSH) mba ahazoany miditra amin'ny BV na ahafahany mandatsa-bato amin'ny herin'ny tenany manokana[48]. Ireo fiaraha-monimpirenena mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny zon'olombelona dia manantitrantitra fa ireo olona manana fahasembanana dia voailika amin'ny zotram-pifidinana ary tsy voaresaka mihitsy amin'ireo laha-teny amin'ny fampielezan-kevitra. Toy izany koa ny mikasika ireo olona naiditra am-ponja vonjy maika, na naiditra amin'ny toeram-pitsaboana kanefa dia tsy mpandika lalàna izy ireo. Maro an'isa amin'ireo BV

[44] Didim-panjakana laharana faha-2015-1404 (andininy faha-2 sy manaraka) mametra ny fombafomba fanendrena sy fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny CENI

[45] Raha amin'ireo tompon'andraikitra ara-teknika ao amin'ny CENI, amin'ny Sekretera Mpanatanteraka, Sekretera Mpanatanteraka mpanampy na tale, dia tsy misy vehivavy avokoa

[46] Ireo vaomiera tsirairay eo anivon'ireo faritany enina, ireo faritra 22, sy ireo distrika miisa 119 dia ahitana mpikambana telo nosafidin'ny CENI : iray faritany, iray faritra ary 21 distrika izay vehivavy ny filoha

[47] https://tbinternet.ohchr.org/_layouts/TreatyBodyExternal/Treaty.aspx?CountryID=103&Lang=FR

[48] Andininy faha-158 de ny lalàna laharana faha-2018-008 manome alàlana ireo mpifidy rehetra manana kilema mba hampian'ny olona izay tiany amin'ny fanehoany ny safidiny.

notsidihana ny andro ny fandatsaham-bato no voatombana fa tsy ahafahan'ireo mpifidy manana fahasembanana miditra. Ny MOE UE dia malahelo amin'ny tsy fisian'ny andinin-dalàna ahafahan'ny CENI nametraka rindran-damina manokana hanampiana ireo olona voalaza tetsy misitraka ny zony hifidy.[49]

Efa nisy ihany fandrosoana kely amin'ny lafiny lalàna izay hita mahakasika ny zon'olombelona, saingy tara ny fampadehanana ireo andrim-panjakana[50] izay miantoka ny fanajana izany. Hatramin'ny 18 Oktobra, ny datin'ny fanaovana fianianan'ireo mpikambana vaovao no nanomboka niasa ny Fitsarana Avo (HCJ). Ity fitsarana ity, izay heverina ho fahefana mitsara fa tsy fahefana politika[51], dia efa manana antontan-taratsay miisa enina hodinihiny. Niandry hatramin'ny faran'ny taona 2017 ny CNIDH vao nahazo ny tetibola farafahakeliny ahafahany miasa[52]. Nanomboka teo, dia naharay fitarainana miisa 80 teo ho eo izy saingy mijanona ho andraikitra fakan-kevitra kokoa no sahaniny. Ny fitondran-tenan'ny Fanirisoa Ernaivo (laharana faha-24) tao Mahamasina niantefa tamin'ny Polisy dia nitarika ny CNIDH hiala amin'izay andraikitra nahazatra azy izay. Tamin'ny alalan'ny fanambarana ny 31 Oktobra 2018, no nanaovan'ny CNIDH antso avo ho an'ireo mpilatsaka hofidiana ny fifehezan-tena, ny fandraisana andraikitra ary ny fanajàna ny fahamendrehan'ny hafa.

FIARAHAMONIMPIRENENA SY MPANARA-MASO AVY ETO AN-TOERANA ARY IRAISAM-PIRENENA

Fiaraha-monimpirenena mandray andraikitra izay ilàna fandalinana manokana ny fomba fiasany amin'ny fifandrindrana

Nisy ireo hetsika fanentanana natao teny an-kianja na dia mbola sarotra aza ny fanaovana tao-sarintany sy ny tombana ny isan'ireo mponina voakasika. Maro ihany koa ireo tsikera, izay mitombina na tsia, avy amin'ireo mpisehatra maro momba ny tsy fahampian'io karazana hetsika io. Ny mpikarakara ny fifidianana dia manilika ny andraikitra amin'ny tsy fahampian'ny hetsika fanentanana amin'ireo antoko politika.

Ny sampana fanarahamaso ny fifidianana, amin'ny alalan'ny tetikasany Safidy dia naparitaka mpanara-maso maherin'ny 7.000 nanenika ireo BV sy ny SRMV rehetra anatin'ireo distrika 34 iasany – izay miparitaka amin'ny faritra fito, dia misahana manodidina ny 40% ny mpifidy manerana ny nosy[53]. Ny Komitim-pirenena manara-maso ny fifidianana (CNOE) sy Kaomisionina Episkopaly Justice et Paix, dia nifanaraka, ka afaka nanaparitaka mpanara-maso 5.500, tamin'ny alalan'ireo tambajotra mpirotsaka an-tsitrapo, izay nieli-patrana manerana ny nosy, ka nitsinjara tamin'ireo tanàn-dehibe sy ireo tanàna ambanivohitra. Liberty 32 sy ny Centre Social Arrupe ihany koa dia nanaparitaka mpanara-maso miisa 200 avy tamin'ny andron'ny fandatsaham-bato, ary ny tetikasa PEV izay ivondronan'ny fikambanana avy amin'ny fiarahamonim-pirenena miisa dimy, dia afaka manararaotra ny asan'ny mpampita vaovao maika miisa 250[54], tamin'ny alalan'ny fandaharanasany ho amin'ny fahamalinana sy ady amin'ny herisetra

[49] Amin'ny fanamorana ny fidirana ao amin'ny birao fandatsaham-bato, fametrahana biraom-pandatsaham-bato manokana, fampidirana ny fampiasana biletà tokana « braille » ho an'ireo manana olana ara-pahitana sns.

[50] Ohatra amin'izany, Ny Fitsarana Avo (HCJ) sy ny Filan-kevitra Ambony ho an'ny Fiarovana ny Demokrasia sy ny Fanjakana Tan-dalàna (HCDDED) izay tafapetraka vao haingana

[51] Zavatra miakina amin'ny Laläm-panorenana sy ireo fomfabomba arahina

[52] Lalàna laharana faha-2014-007 tamin'ny 22 jolay mahakasika ny CNIDH.

[53] Singa mpandrafitra ny tetikasa FANOA vatsian'ny Vondrona Eoropeanina vola ary tanterahin'ny hetsika ROHY nitsangana tamin'ny 2015 izay ahitana fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana malagasy miisa 7 – miparitaka anivon'ny faritra fito: Amoron'i Mania, Analamanga, Atsinanana, Boeny, Sava, Atsimo Andrefana, sy Androy

[54]Ny tetikasa PEV, vatsian'ny Vondrona Eoropeanina vola, dia tetikasa manampy amin'ny fisorohana sy ny fitantanana ireo fifamaliana sy herisetra mety hisy manodidina ny fifidianana izay napetraky ny Ivontoerana eoropeanina ho amin'ny fanohanana

manodidina ny fifidianana. Iraha-manaiky fa zava-baovao sy mahasoa ireo hetsika nataon'ny tetikasa Safidy sy PEV ireo tamin'ny fanangana ny foibeny tsirairay avy ka nahitana ireo mpisehatra amin'ny fifidianana toy ny CENI sy ny mpitandro ny filaminana; fa ny MOE UE kosa dia manamarika fa tsy nisy ankoatra ireo mpisehatra roa ireo, ny fametrahana rafitra enti-mandrindra ireo fiarahamonim-pirenena rehetra mandray anjara amin'ny fanaraha-maso sy ny fisorohana ny herisetra amin'ny fifidianana, tahaka ny fomba fiasa nametrahana ny "efitrano fandinihina ny toe-draharaha" na "situation room" izay napetraka nanomboka tamin'ny taona 2010 manerana ireo firenena maro eto amin'ny kaontinanta Afrikana.

Ny Vondron'ireo firenena aty Afrika atsimo sy ny Vondrona Afrikana dia nandefa iraka fanaraha-maso ny fifidianana izay nahitana olona 50 avy teo ho eo. Ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho an'ny Frankofonia dia manana iraka fampitam-baovao sy fifandraisana ahitana mpikambana dimy ambin'ny folo. Farany, ny masoivoho avy any Kanada, Korea Atsimo, Etazonia, Indonezia, Japana sy Norvezy dia manana mpanara-maso ihany koa amin'ny alalan'ireo mpisolo-tena ara-diplaomatika miasa eto amin'ny firenena.

ANDRO FANDATSAHAM-BATO

Nizotra am-pilaminana sy tao anaty fitoniana ny andro fandatsaham-bato na dia nisy aza ireo olana tamin'ny fizarana ny kara-pifidianana teny ifotony

Taorian'ny famerana ny isan'ny mpifidy ho 700 isaky ny biraom-pifidianana, ny mpifidy izay miisa 9.913.599, raha oharina amin'ny 7.823.805 tamin'ny taona 2013, dia nantsoina hifidy amin'ny 6 ora maraina ka hatramin'ny 5 ora hariva eny amin'ny BV miisa 24.852 (izay 20,001 tamin'ny 2013) izay nizara tamin'ireo ivon-toeram-pifidianana 19.194 manerana ny Nosy. Eto, MOE UE dia tia hiarahaba ny fitambaran'ireo mpitandro ny filaminana rehetra izay ahitana ny Etat Major Mixte Opérationnel, na ny tany ifotony na ny teo amin'ny sehatra nasionaly noho ny fanoloran-tenany, efa hatramin'ny dingana mialoha ny fifidianana tamin'ny fiantohana ny fandiam-pahalemana sy ny fiarovana ireo fitaovam-pifidianana, eo ihany koa ireo mpanara-maso malagasy izay matetika dia manao asa firotsahana antsitra-po, ary ireo delege izay nandray anjara tamin'iny zotra demokratika iny.

Ny MOE UE dia nanamarika ny fikorontanan'ny fizotry ny fomba fiasa tamin'ny famantarana ireo mpifidy anaty ny lisi-pifidianana teo ivelan'ny BV sy ny fizarana kara-pifidianana ampotomoty na tamin'ny "ora farany". Ireo tranga ireo dia nisy fiantraikany nandritra ny fandatsaham-bato. Ny fizarana ny kara-pifidianana, araka ny maha dingana miloha ny fifidianana io dingan io, dia tsy voaomana araka ny tokony ho izy izany.

Ireo mpanara-maso 109 avy amin'ny MOE UE dia nanaraka ny fisokafana, ny fandatsaham-bato, ny fanakatonana sy ny fanisam-bato ary ny vokatra teny anivon'ny BV manodidina ny 600 eo izay manenika ny faritra rehetra afa-tsy ny faritra Melaky. Teo amin'ny 42% ny BV no notsidihina tany amin'ny toerana an-drenivohitra, raha mitsinjara toy izao ireo mpifidy, 23% ny mpifidy dia any amin'ny toerana an-drenivohitra ary 77% kosa any ambanivohitra.

Nizotra am-pilaminana ny andro fandatsaham-bato manomboka tamin'ny fisokafana hatramin'ny fanakatonana, izay nanatontosana ny raharahan-datsabato sy fanisam-bato am-pilaminana sy tamin'ny mangarahara. Ny fahatarana teo amin'ny fisokafana ny BV dia voafehy (eo ho eo amin'ny 95% no

ny fifidianana (ECES) izay ivondronan'ny : (i) KMF-CNOE, (ii) Liberty 32, (iii) la coalition des radios pour la consolidation de la paix, (iv) ny Association des Universitaires pour la Promotion du Genre, ary (v) Communication-Idea-Development

nisokatra teo anelanelan'ny 6 ora sy ny 7 ora maraina), raha toa ka ireo tranga nahitana fanohintohinana na fanakorontana kosa dia nijanona ho vitsy sy mitokana ihany.

Nandritra ny fandatsaham-bato sy ny fanisam-bato, ho an'ny 91,4% ny tranga dia teo avokoa ireo mpikambana dimy ao amin'ny BV, miantoka ny fampandehanan-draharaha teo anivon'ny BV, satria fantatra fa ny birao dia afaka miasa raha feno telo ny mpikambana ao aminy. Ny MOE UE dia nahita fa fanapahan-kevitry CENI mikasika ny mpikamban'ny BV vaovao ity (7 mpikambana tamin'ny 2013)dia isan'ny fanapahan-kevitra tsara satria tsy nanohitohina ny fizotry fandatsaham-bato, ary tompon' andraikitra kokoa ny mpikambana ao amin'ny BV izay nampiarahina ny fijerena ny zava-misy ara-toekarena. Tamin'ny 95% ny biraom-pifidianana naraha-maso, ny MOE UE dia nahita fa ny tontolon'ny fandatsaham-bato dia tsy nisy fivangongoan'olona diso tafahoatra, tsindry, korontanta na asa fampielezan-kevitra, izay niantoka amin'ny taha mitovy ny fanajana ny tsiambaratelon'ny latsa-bato.

Ny MOE UE dia nahatsikaritra ny fisiana lisitra mena - mba hisorohana ny fifidianan'ireo olona tsy ampy taona sy ny ireo voasoratra anarana imbetsaka anaty lisi-pifidianana, izany dia hita tamin'ny BV iray tamin'ny valo (12%). Ny MOE UE dia nanamarika fa ny fametrahana BV vaovao mba hanarahana ireo fepetra sy fenitra vaovao ho an'ny fitsinjarana ireo mpifidy dia tsy nanohitohina ny fizotry ny fifidianana.

Ny MOE UE dia nanombana ny raharahan-datsabato fa tena tsara na tsara amin'ny ankapobeny, fa indrindra ny fisian'ny tahan'ny maherin'ny 95% mikasika ny: (i) ny fanaovan-tsonia roa eo amin'ny ambadiky ny bileta, (ii) ny fanaovan-tsonia amin'ny lisitra, ary (iii) ny fampiasana ranomainty tsy maty vonoina. Nisy koa anefa, ireo lesoka izay tena nisongadina dia: (i) fizarana kara-pifidianana tao amin'ny BV; (ii) ny tsy fisian'ny fanaraha-maso araka ny tokony ho izy ny mety ho fisian'ny ranomainty tsy maty vonoina amin'ny fotoana hidirana ao amin'ny BV.

Noho ny isan'ny mpilatsaka hofidiana, amin'ny ankapobeny ny fisian'ny delege ao amin'ny BV dia tena voafetra: ireo efatra tena matanjaka ihany no nanaparitaka delege dia ny kandida laharana faha-12, laharana faha- 13, laharana faha-25 sy laharana faha-34 manaraka ireto taha ireto arak any laharany avy: 72%, 94%, 79%, ary 32%. Tsy nisy kandidà hafa nandefa delege tamin'ny BV mihoatra ny 5%. Ireo vondrona telo mpanara-maso tena niparitaka manerana ny nosy, araka ny MOE UE dia hita araka ireto taha manaraka ireto: KMF / CNOE (11%), ny Justice et Paix (14%), KMF / CNOE sy Safidy (19%).

Ny fanakatonana ny BV dia nilamina ihany koa. Ny MOE UE dia nahita fa tsara ny fanapahan-kevitry ny solotenan'ny CENI ka hamela ny mpifidy, izay efa teo am-pilaharana tamin'ny 5 ora, handatsa-bato. Izany tranga filaharana izany dia hita tamin'ny ampahatelon'ny BV nanaovana fanaraha-maso.

Tahaka ny fandatsahan-bato, ny fanisam-bato dia notontosaina tanaty fanolora-tena ho an'ny maha matihanina, ary amin'ny mangarahara hatrany satria afaka natrehin'ireo delege sy ny mpanara-maso. Nosokafana ho an'ny daholobe ihany koa izany ho an'ireo izay naniry hanatrika, izay niteraka korontana noho ny tsy fahampian'ny fandaminana, na noho ny fanelingelenan'ireo mpifidy-olom-pirenena maniry hanatrika izany, teo anivon'ny ampahatelon'ny BV naraha-maso. Araka ireo taha anelanelan'ny 30% sy ny 50% noho ny fomba fiasa, dia niaina fahasahiranana ireo mpikambana ao amin'ny BV tamin'ny fanaovana ny fitanana an-tsoratra. Ny MOE UE dia nanamarika ihany koa fa ny fampitahana ho fanamarinana ny vokatra sy ny fanomanana ireo valopy dia nahitana lesoka. Raha maherin'ny 90% tamin'ireo delege no nahazo dika mitovy ny fitanana an-tsoratra, ny MOE UE dia manamafy fa ny tsy fanaovana peta-drindrina ivelan'ny BV ireo fitanana an-tsoratra ireo dia roa tamin'ny dimy ihany no nanao azy.

Amin'ity lafiny ity, ny MOE UE dia manolo-kevitra ny CENI, mba hanamafy kokoa ny fampiofanana ireo mpikambana ao amin'ny BV mikasika ny asa mifandraika amin'ny fanakatonana ny raharahan-datsabato, sy ny fanisam-bato ho an'ny fe-potoana manaraka.

FIFANOLANANA AMIN'NY FIFIDIANANA

Fe-potoana fanaovana fitairanana ho an'ny fifanolanana heverina fa fohy loatra

Taorin'ny vanim-potoan'ny tetezamita sy ny fampananan-kery ireo lalàm-pifidianana vaovao, ny HCC dia nandray ny andraikitra fototra sahaniny amin'ny fifidianana, izay hita taratra amin'ny fepetra voalazan'ny Lalàm-panorenana[55]. Ny HCC no rafitra mahefa mamoaka ny voka-pifidianana farany amin'ny fifidianana filoham-pirenena sy mahafantatra ireo fangataham-pitsarana na fanoherana mahakasika ireo asa mialoha ny raharaham-pifidianana, ireo izay mifandraika amin'ny fizotry ny fandatsaham-bato sy ny fanoherana ny voka-pifidianana. Manamarika ny MOE UE fa fohy loatra ny fe-potoana ahafahana manao fangataham-pitsarana, indrindra ho an'ireo antontan-taratasy ampitain'ireo manampahefana hafa. Ankehitriny, ny iraka dia manaraka ny fizotry ny fifanolanana amin'ny fifidianana.

Ny "vondron'ireo kandida 21" dia nametraka ny fangataham-pitsarana teo anivon'ny HCC ny 12 Oktobra, 2018, izay nangataka tamin'ny HCC mba handidy ny CENI ny hamerenany mijery ny lisi-pifidianana. Ny 19 Oktobra dia nanambara ny Fitsarana fa tsy azo raisina izany noho izy tsy manaraka ny fenitra amin'ny endriky ny fangatahana[56]. Niaraka tamin'izany koa ny fehi-kevitry fihaonambe-pirenena ho an'ny fiandrianana na "Fifanekena nasionaly ho an'ny fiandrianana", ny HCC dia namoaka andiana fanambarana (i) manasaraka ny zo handatsa-bato sy ny zo ho mpifidy[57], ary namafy fa fisoratana anarana dia ny andraikitry ny olona tsirairay voakasik'izany, fa tsy andraikitry ny CENI[58]; (ii) amin'ny famaritana araka ny lalàna ny hoe "adino tao amin'ny lisi-pifidianana"[59], ary nanazavana fa ity sata ity dia natokana ho an'ireo olom-pirenena izay nanaraka ny lamina tamin'ny fisoratana anarana kanefa tsy tafiditra ao anaty lisi-pifidianana noho tsy fahatomombanana ara-teknika izay andraikitry ny CENI[60]; (iii) nampatsiahy fa ny fampiharana ny "fanitsiana manokana" ny lisi-pifidianana araka ny lalàna manan-kery teo aloha izay tsy mihatra intsony satria nahazo fanakianana avy amin'ireo iraka nanao fanaraha-maso sy manamafy ny fitsipiky fatazonana ny lisi-pifidianana mialoha ny fakan-kevitra momba ny fifidianana nankatoavina tamin'ny 2012[61]; iv) mampahafantatra ny lisitra sy ny toerana misy ireo Biraom-pandatsaham-bato[62] (v) eo amin'ny hevi-dehiben'ny fifanolanana amin'ny fifidianana[63]; (vi) mampahafantatra fa ny Dina mamaritra ireo fomba mendrika sy mahitsy ho an'ireo kandida filoham-pirenena dia fifanarahana amin'ny samy olon-tsotra ho an'ny etika izay tsy manana hery fanerena izay

[55] Andininy faha-114 – 120 amin'ny Lalàmpanorenana

[56] Didim-pitsarana laharana faha-10-HCC/AR tamin'ny 19 oktobra 2018 mikasika fangatahana nataon'ireo vondron'ireo kandida miisa 21 amin'ny fifidianana filoham-pirenenana

[57] Fitsarana Avo momba ny lalàmpanorenana, Fanambarana « mikasika ny zo handatsa-bato sy ny zo ho mpifidy » tamin'ny 25 oktobra 2018

[58] Andininy faha-2 aandalana faha-2 amin'ny lalàna fehizoro laharana faha-2018-008.

[59] Andininy faha-23 fehizoro laharana faha-2018-008.

[60] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika « ny atao hoe mpifidy adino tao amin'ny lisi-pifidianana » tamin'ny 26 oktobra 2018.

[61] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika « fitazonana ireo lisi-pifidianana » tamin'ny29 oktobra 2018.

[62] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika ny famoahana ireo birao fandatsaham-bato tena izy eny anivon'ny *fokontany* tsirairay tamin'ny 31 oktobra 2018

[63] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika fifanolanana amin'ny fifidianana tamin'ny 31 oktobra 2018.

mirakitra indrindra fanoloran-tena fa hanaiky ny vokam-pifidianana na hanohitra izany araka ireo fomba manara-dalàna[64] natokana ho amin'izany; (vii) manazava ny tsy fahazoana manao araka ny lalàna ny fanambarana fisintonan'ny kandida ny filatsahana hofidiana aorian'ny fe-potoana farany fandraisana ny antontan-taratasy ka mamaritra fa ny vato azon'ny kandida iray dia ho tafiditra ao anatin'ny vokatra ofisialy[65]; (vii) ary koa ny fanambarana farany mialoha ny fifidianana, mifandraika amin'ny fikatonan'ny fampielezan-kevitra indrindra indrindra amin'ny fampahatsiahivana ny fepetra araka ny lalàna momba ny andro fahanginana[66]. Nisy fanambarana nivoaka ny andro aorian'ny fifidianana ho fampahatsiahivana fa ny Vaomieram-Pirenena mahaleotena misahana ny Fifidianana sy ny Fitsarana irery ihany manana fahefana hamoaka ny voka-pifidianana, ary manasa ny kandida, ny mpanohana ny kandida sy ireo haino aman-jery mba hitandrina, hifehi-tena ary hisoroka ny fanodikodinana saim-bahoaka amin'ny tsy marina[67]. Ny MOE UE dia mankasitraka ny fandraisana andraikitry ny HCC tamin'ny hampahafantatra ny vahoaka ny lafiny ara-dalàna izay nampametra-panontaniana ireo ny mpisehatra ara-politika. Ny CENI dia efa nahazo fitarainana roa avy amin'ny kandida Andry Rajoelina (laharana faha-13) sy Marc Ravalomanana (laharana faha-25) momba herisetra amin'ny fifidianana izay efa nampitaina tamin'ireo manam-pahefana mahefa mba hanokafana ny fanadihadiana ilaina.

Ny dika mitovy elektronika an'ity fanambarana voalohany ity dia hita ao amin'ny tranokala ny iraka.
Raha mila fanazavana fanampiny ianao dia iangaviana hifandray amin'i: Silvia de Felix, tompon'andraikitry ny sersera an-gazety ny iraky ny Vondrona Eoropeanina ho an'ny fanaraha-maso ny fifidianana, laharana finday: +261 34 35 764 66; +261 32 22 011 29; mailaka: silvia.defelix@moeue-madagascar2018.eu

Union européenne – Mission d'observation électorale à Madagascar
Tour Orange, 27ème étage
Rue Ravoninahitriniarivo
Ankorondrano, BP 3019
101 Antananarivo – Madagascar

---

[64] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika ny Dina mamaritra fitondrana tena mendrika sy mahitsy tamin'ny 02 novambra 2018.
[65] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika fanalana ny filatsahan-kofidiana tamin'ny voalohan'ny volana novambra, navaoaka ny 2 novambra 2018.
[66] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika fikatonan'ny fampielezan-kevitra tamin'ny 5 novambra 2018.
[67] Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana, Fanambarana mikasika famoahana sy ny fanambarana ny vokatra tamin'ny 8 novambra 2018.